

**PERIKOPA ALAHADY 08 Desambra 2024 – Advento II**  
**(Péricope du Dimanche 08 Décembre 2024 – Avent II)**

**Salamo / Psaume 126**  
**Isaia / Esaïe 60 : 1 - 11**  
**Filipiana / Philippiens 1 : 4 - 11**  
**Lioka / Luc 3 : 1 - 6**

**« ... Injany misy feon’ny miantso mafy any an-tany efitra hoe:  
Amboary ny lalan’NY TOMPO, ataovy mahitsy ny lalan-kalehany.  
Ny lohasaha rehetra dia hototofana, ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra dia haetry,  
ny miolikolika dia hahitsy, ny lalana mikitoantoana dia hohamarinina; »**

**Lioka 3 : 4b-5**

*« ... C'est la voix de celui qui crie dans le désert:  
'Préparez le chemin du Seigneur, rendez ses sentiers droits.'  
Toute vallée sera comblée, toute montagne et toute colline seront abaissées;  
ce qui est tortueux sera redressé et les chemins rocailleux seront aplanis.»*

**Luc 3 : 4b-5**

**SALAMO 126 (MRV)**

- 1 Fony NY TOMPO namody an'i Ziona avy tamin'ny fahababoany dia tahaka izay nanonofy isika.
- 2 Fahiny dia feno hehy ny vavantsika ary feno fihobiana ny lelantsika; tamin'izay dia izao no notenenin'ny Jentilisa : Zava-dehibe no nataon'NY TOMPO ho an'ireny.
- 3 Eny, zava-dehibe no nataon'NY TOMPO ho antsika ka faly isika.
- 4 Tanteraho, TOMPO ô, ny fampodiana anay avy amin'ny fahababoana, tahaka ny fiverenan'ny riaka any Negeva.
- 5 Izay mamafy am-pitomaniana dia hijinja amim-pifaliana.
- 6 Mandeha mitomany mitondra ny voa hafafiny izy fa hiverina mitondra ny amboarany amin'ny fihobiana kosa.

**PSAUME 126 (S21)**

- 1 Quand l'Éternel a ramené les déportés de Sion, nous étions pareils à ceux qui font un rêve.
- 2 Alors notre bouche était remplie de rires, et notre langue poussait des cris de joie. Alors on disait parmi les nations: «L'Éternel a fait de grandes choses pour eux!»
- 3 Oui, l'Éternel a fait de grandes choses pour nous, et nous sommes dans la joie.
- 4 Éternel, ramène nos déportés comme tu ramènes les ruisseaux dans le Néguev!
- 5 Ceux qui sèment avec larmes moissonneront dans la joie,
- 6 celui qui marche en pleurant avec un sac de semence reviendra avec joie en portant ses gerbes.

**ISAIA 60 : 1 - 11 (MRV)**

- 1 Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitry NY TOMPO no efa miposaka aminao.
- 2 Fa indro, manarona ny tany ny haizina, ary manarona ny firenena ny haizim-pito; fa aminao kosa no iposahan'NY TOMPO, ary aminao no isehoan'ny voninahiny.
- 3 Manatona ny fahazavanao ny firenena maro ary mankeo amin'ny famirapiratan'ny fiposahanao ny mpanjaka. Manintona ny mponina rehetra amin'izao tontolo izao i Jerosalema
- 4 Atopazy manodidina ny masonao ka jereo: Izy rehetra dia mivory ka mankaty aminao; ny zanakao lahy dia tonga avy lavitra, ny zanakao vavy dia sakelehina.
- 5 Hahita izany ianao ka ho miramirana, dia hiemponempona sady hohalehibiazina ny fonao, fa hoentina ho anao ny harenan'ny ranomasina ary hafindra ho anao ny fananan'ny firenena.
- 6 Ho feno rameva betsaka ao aminao, dia rameva tanora avy any Midiana sy Efaha; samy avy any Seba izy rehetra; volamena sy ditin-kazo manitra no hoentiny, ary ny fiderana NY TOMPO no teny mahafaly hambarany.
- 7 Ny ondry aman'osy rehetra avy any Kedara dia hangonina ao aminao, ary ny ondrilahin'i Nebaiota no hampiasainao; hatao fanatitra eo ambonin'ny alitarako ireo dia hankasitrahana, ary hataoko mamirapiratra ny tranon'ny voninahitro.
- 8 Iza moa ireto manidina tahaka ny rahona sy tahaka ny voromailala ho amin'ny varavarankeliny?
- 9 Fa izaho no andrasan'ny nosy, ary ny sambon'i Tarsisy no hialoha lalana hitondra ny zanakao avy lavitra mbamin'ny volafotsiny sy ny volamenany, ho an'ny anaran'NY TOMPO Andriamanitrao sy ho an'ny Iray Masin'ny Israely, satria manome voninahitra anao izy.

10 Ny hafa firenena no hanangana ny mandanao, ary ny mpanjakany no hanompo anao; fa tamin'ny fahatezerako no namelezako anao, nefa amin'ny fitiavako kosa no amindrako fo aminao.

11 Hidanadana mandrakariva ny vavahadinao, tsy hirindrina izy na andro na alina, mba hampidirana ho ao aminao ny harenan'ny firenena sy ny mpanjakany izay voababo.

#### **ESAÏE 60 : 1 - 11 (S21)**

*1 Lève-toi, brille, car ta lumière arrive et la gloire de l'Eternel se lève sur toi.*

*2 Certes, les ténèbres recouvrent la terre et l'obscurité profonde enveloppe les peuples, mais sur toi l'Eternel se lèvera, sur toi sa gloire apparaîtra.*

*3 Des nations marcheront à ta lumière, et des rois à la clarté de ton aurore.*

*4 Lève tes yeux et regarde autour de toi: ils se rassemblent tous, ils viennent vers toi; tes fils arrivent de loin et tes filles sont portées dans les bras.*

*5 En le voyant, tu rayonneras de joie, ton cœur bondira et se dilatera, car les richesses de la mer se tourneront vers toi, les ressources des nations viendront chez toi.*

*6 Tu seras couverte d'une foule de chameaux, de tout jeunes dromadaires venus de Madian et d'Epha. Ils viendront tous de Séba, porteurs d'or et d'encens, et annonceront les louanges de l'Eternel.*

*7 Les troupeaux de Kédar seront tous réunis chez toi, les béliers de Nebajoth serviront à ton culte: ils seront offerts en holocauste sur mon autel et je les accepterai, et j'illuminerai le temple de ma splendeur.*

*8 Qui sont ces hommes qui volent comme un nuage, comme des colombes vers leurs pigeonniers?*

*9 C'est que les îles placent leur attente en moi et les bateaux long-courriers sont en tête pour ramener tes enfants de loin. Ils apportent leur argent et leur or en l'honneur de l'Eternel, ton Dieu, en l'honneur du Saint d'Israël, parce qu'il t'a accordé la splendeur.*

*10 Des étrangers reconstruiront tes murailles et leurs rois te serviront, car dans mon irritation je t'avais frappée, mais dans ma grâce j'ai compassion de toi.*

*11 Tes portes seront constamment ouvertes, elles ne seront fermées ni le jour ni la nuit pour laisser entrer chez toi les ressources des nations, ainsi que leurs rois en cortège.*

#### **FILIPIANA 1 : 4 - 11 (MRV)**

4 Mandrakariva, rehefa mivavaka ho anareo rehetra aho, dia mangataka amin'ny fifaliana,

5 noho ny fiombonanareo amin'ny Filazantsara hatramin'ny andro voalohany ka mandraka ankehitriny.

6 Matoky indrindra aho fa izay nanomboka asa tsara tao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-piavin'ny andron'i Jesosy Kristy.

7 Marina izany fiheverako anareo rehetra izany, fa ato am-poko sady mpiombona amin'ny fahasovana ananako ianareo rehetra, na amin'ny fifatorako na amin'ny fiarovako sy fanamafisako orina ny Filazantsara.

8 Andriamanitra no vavolombeloko, fa tia anareo rehetra tokoa aho amin'ny fitiavan'i Kristy Jesosy.

9 Ary izao no angatahiko dia ny mbola hitomboan'ny fitiavanareo bebe kokoa amin'ny fahalalana tsara sy ny fahaiza-mamantatra rehetra

10 mba hamantaranareo izay zava-dehibe, mba ho madio am-po sy tsy hanan-tsiny ianareo amin'ny andron'i Kristy

11 sady ho feno ny vokatry ny fahamarinana, izay avy amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, ho voninahitra sy fiderana an'Andriamanitra.

#### **PHILIPPIENS 1 : 4 - 11 (S21)**

*4 Dans toutes mes prières pour vous tous, je ne cesse d'exprimer ma joie*

*5 à cause de la part que vous prenez à l'Évangile depuis le premier jour jusqu'à maintenant.*

*6 Je suis persuadé que celui qui a commencé en vous cette bonne œuvre la poursuivra jusqu'à son terme, jusqu'au jour de Jésus-Christ.*

*7 Il est juste que je pense cela de vous tous parce que je vous porte dans mon cœur, vous qui participez tous à la même grâce que moi, aussi bien dans ma détention que dans la défense et l'affermissement de l'Évangile.*

*8 En effet, Dieu m'est témoin que je vous chéris tous avec la tendresse de Jésus-Christ.*

*9 Et voici ce que je demande dans mes prières: c'est que votre amour augmente de plus en plus en connaissance et en pleine intelligence*

*10 pour que vous puissiez discerner ce qui est essentiel. Ainsi vous serez purs et irréprochables pour le jour de Christ,*

*11 remplis du fruit de justice qui vient par Jésus-Christ à la gloire et à la louange de Dieu.*

### **LIOKA 3 : 1 - 6 (MRV)**

1 Tamin'ny taona fahadimy amby folo nanjakan'i Tiberio Kaisara, fony i Pontio Pilato no governora tany Jodia, i Heroda no mpanapaka tany Galilia, i Filipo rahalahiny no mpanapaka ny tany Itoria sy Trakonitisy, i Lisaniasy no mpanapaka tany Abilena

2 ary i Anasy sy i Kaiafa no Mpisoronabe, dia tonga tamin'i Jaona, zanak'i Zakaria, tany an-tany efitra ny tenin'Andriamanitra.

3 Ary nankany amin'ny faritra rehetra any amoron'i Jordana izy nitory ny batisan'ny fibebahana ho famelan-keloka;

4 araka ny voasoratra ao amin'ny bokin'ny tenin'Isaia mpaminany hoe: «Injany misy feon'ny miantso mafy any an-tany efitra hoe: Amboary ny lalan'NY TOMPO, ataovy mahitsy ny lalan-kalehany.

5 Ny lohasaha rehetra dia hototofana, ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra dia haetry, ny miolikolika dia hahitsy, ny lalana mikitoantoana dia hohamarinina;

6 Ary ny nofo rehetra dia hahita ny famonjen'Andriamanitra» (Isa 40.3-5).

### **Luc 3 : 1 - 6 (S21)**

*1 La quinzième année du règne de l'empereur Tibère, Ponce Pilate était gouverneur de la Judée, Hérode tétrarque de la Galilée, son frère Philippe tétrarque du territoire de l'Iturée et de la Trachonite, Lysanias tétrarque de l'Abilène,*

*2 et Anne et Caïphe étaient grands-prêtres. C'est alors que la parole de Dieu fut adressée à Jean, fils de Zacharie, dans le désert,*

*3 et Jean parcourut toute la région du Jourdain; il prêchait le baptême de repentance pour le pardon des péchés,*

*4 conformément à ce qui est écrit dans le livre des paroles du prophète Esaïe: C'est la voix de celui qui crie dans le désert: 'Préparez le chemin du Seigneur, rendez ses sentiers droits.'*

*5 Toute vallée sera comblée, toute montagne et toute colline seront abaissées; ce qui est tortueux sera redressé et les chemins rocailleux seront aplanis.*

*6 Et tout homme verra le salut de Dieu.*